



**'JESOA KRISTY FOTOTRA SY
MPANORINA NY MAHA IRAY'**

***Associés n'ny
Soeurs du Christ
"Union Mysterium Christi"***

MADAGASKARA



Hatramin'ny taona 2000, nidiranay amin'ny vondron'ny Associés aux Sœurs du Christ dia nanampy anay hiaina tsaratsara kokoa ny fiainan'ny mpivady, fianakaviana ary ny fiaraha-monina ny fanomezam-pahasoavan'ny maha iray.

Mahatsapa fanohanana mba hiaina misimisy kokoa io toe-panahy io izahay any amin'ny toeram-piasana – mpampianatra ao amin'ny sekoly La Providence Ambatolampy izahay ary ao amin'ny Fian-gonana izay andraisanay anjara ao amin'ny filàn-kevitra pastoraly.

Ao amin'ny faritra misy anay, tsy misalasala ireo mpiara-monina ny mangataka anay rehefa misy tsy fifankahazoana na ady.

Noho ny fanomezam-pahasoavana, mianatra ny manome toerana ny hafa izahay, ho vonona mandraka-riva sy mizara ny fomba fijerinay sy izay iainanay, ao amin'ny adihevitra sy fifampizarana samihafa miaraka amin'ny mpiara-miasa.

Hatramin'ny Fihaonambe Nasiônalin'ny Associés aux Sœurs du Christ tamin'ny 2014 tany Antsirabe, ny mpikambana rehetra dia manao jery todika ny andro lasa miaraka amin'ny fianakaviana..

Septambra 2017

